REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-58

**TOERANA SY NY ANDRAIKITRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA AMIN'NY ADY ATAO AMIN'NY "COVID-19", NIARAHANA TAMIN'NY MINISITRY NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA, NY MINISITRY NY FAHASALAMAM-BAHOAKA ARY NY MINISITRY NY FITATERANA, NY FIZAHAN-TANY SY NY FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO**

Fivoriana faha-4
Natao ny
Talata 12 Mey 2020
- Tolak'andro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOAChristine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**FOTOANA:** Talata 12 Mey 2020 tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Toerana sy ny andraikitry ny Solombavambahoaka amin'ny ady atao amin'ny "Covid-19", niarahana tamin'ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka ary ny Minisitry ny Fitaterana, ny Fizahan-tany sy ny Famantarana ny Toetr'andro.

Nitohy ny Talata 12 Mey 2020 tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena izay notarihan'ny Filohany, Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory sy ny Minisitra nasaina hamaly ny fanontaniana momba ny toerana sy ny andraikitry ny Solombavambahoaka amin'ny ady atao amin'ny "Covid-19", Ramatoa Filoha dia niangavy ny olom-boafidy samy hanonona ny anarany mba hampalaky ny fotoana satria maro, hoy izy, ny anarana tonga eny aminy handray anjara amin'ny fitenenana.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha ary avy hatrany dia nomeny ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ny fitenenana hitondrany fanazavana mikasika ity valan'aretina "Covid-19" ity.

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana no nandray fitenenana voalohany.
Fiarahabana ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra sy ny Solombavambahoaka no nanombohany ny teniny.

Nisaotra an'Andriamanitra koa izy amin'ny fahafahana mihaona na eo aza ny fisian'ny "coronavirus".

Nomarihany fa ny tenany no napetraka ho Filohan'ny CCO satria rehefa misy tranga tahaka izao, ny Ministeran'ny Atitany sy ny Minisiteran'ny Fahasalamana no mitantana izany.

Nisaorany koa ny Solombavambahoaka satria na tsy nisy aza ity valan'aretina "coronavirus" ity, efa miatrika ady hatrany izy ireo any amin'ny Distrika misy azy any. Koa fankasitrahana no natolony ny olom-boafidy tamin'izany.

Tsy fampitahana no hataontsika eto satria hatramin'izao ora itenenana izao, tsy mbola nisy ny maty noho io valana'aretina io. Miisa 192 ny antsoina hoe "cas confirmés" ary miisa 105 no efa sitrana. Marihana fa tsy misy ny zavatra tonga lafatra eto an-tany.

Maro ny Solombavambahoaka mitaraina aminay hoe: aiza ny fanampiana anay amin'ny hiadiana amin'ity zava-doza ity.

Marihana hatrany, hoy Andriamatoa Minisitra, fa teto Antananarivo no nidiran'ity "coronavirus" ity voalohany; noraisina noho izany ny fepetra rehetra mba tsy hampihanaka azy ity ary nohamafisina mihitsy satria nisy goragora tao ho ao. Raha ny marina, ianareo Solombavambahoaka no misahana mivantana ny vahoaka voalohany; ianareo no itarainan'ny vahoaka ary izay no antony nanaovanareo tatitra tatỳ aminay.

Tena miteraka voka-dratsy maro ity valan'aretina "coronavirus" ity satria misy fiantraikany ara-toekarena sy ara-tsosialy ary amin'ireo sehatra tsy miankina na miasa tena. Io aloha no tena sahanina hatreto. Eo anatrehan'izany, ianareo no anisan'ny mandray anjara amin'ny fanentanana sy ny fifandraisana amin'ny Mpanatanteraka. Izany hoe, mila mifanome tànana isika rehetra izao; mifampiankina izany isika raha ny marina.

Isaorana amin'ny fifanampiana amin'ny ady atao amin'ity "coronavirus" ity raha izao fifanatrehana izao no itarafana izany. Araka ny voalaza teo, ilaina ny fifanomezan-tànana amintsika rehetra. Raha ny marina, zava-dehibe ny anjara asanareo amin'ity ady atao amin'ity "covid-19" ity.

Araka ny hita, nanomboka tamin'ny Alatsinainy teo, nohamafisina ny fepetra nampiharina satria misy manararaotra milaza hoe: efa maro no maty; ao ny sasany amin'ireo fiara kely mamorona taratasy sandoka hanaovana "évacuation sanitaire" hahazoany ny atao hoe, "laisser passer". Misy ireo olona hafa koa mandeha antsokosoko mifindra toerana, ka ahiana hitondra an'io valan'aretina io. Noho izay antony izay, raisintsika ny andraikitra satria be loatra ny olona mivezivezy, ka mety hitera-doza.

Maro taminareo koa no niantso anay hoe aiza ny "masque", ny CVO sy ny fanampiana Vatsy Tsinjo. Marihana fa ny Faritra nahitana ny valan'aretina na "cas contact" aloha no natao laharam-pahamehana, toy ny eto Analamanga, Toamasina I, Toamasina II, Matsiatra Ambony ary Alaotra-Mangoro. Amin'ireo toerana voalaza ireo, maro ny Distrika tena atahorana hiparitahan'ny valan'aretina, ka izay no antony ilazana hoe: ireo no natao laharam-pahamehana satria misy Distrika tsy voasahana. Ohatra amin'izany, any Manjakandriana. Amin'izao fotoana izao, efa eo ampandaminana izany rehetra izany isika.

Mikasika ny vola fanampiana mitentina «444,10 Millions de Dollars» izay efa azo, hanaovana «équilibre budgétaire» io vola io, fa tsy hoentina hiadiana amin'ny "coronavirus" tsy akory. Marihana fa amin'izao fotoana izao, maro ireo firenena Afrikana no efa mila tsy hahaloa ny karaman'ny mpiasam-panjakana sy ny Solombavambahoaka ao aminy. Raha ny eto amintsika aloha hatramin'izao, tsy tahaka izany no zava-misy.

Talohan'ny namaranan'Andriamatoa Minisitra ny fitenenany, nanamarika izy, fa mbola afaka mitondra fanazavana sy mandray ny tolo-kevitra hataon'ny Solombavambahoaka rehefa avy eo raha ilaina izany.

Fisaorana ny Solombavambahoaka nihaino ny fanazavana nentiny no namaranany ny teniny.

Nisaotra azy tamin'izany koa, Ramatoa Filoha ary nanome fitenenana an'Andriamatoa Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka.

Taorian'ny fiarahabana ny rehetra nataon'Andriamatoa AHMAD Ahmad, Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, nambarany fa Solombavambahoaka miaro ny vahoaka sy misahana vahoaka no hita amin'izao fotoana izao.

Nomarihany rehefa izany, fa ity "coronavirus" ity dia aretina mahazo an'izao tontolo izao fa tsy eto amintsika ihany.

Nohamafisiny, fa raha ny eto amintsika, mbola tsy nisy olona maty aloha hatramin'izao noho io aretina io.
Noraisina ho fepetra voalohany ny fanakatonana ny "vol" niditra teto Madagasikara hahamora ny fiarovana amin'izany satria tsy ampy fitaovana isika. Ny antony, mba hialana amin'ny hamaroan'ny olona voan'io aretina io izay mety ho tafiditra eto amintsika amin'ny alalan'ny sidina, koa aleo misoroka dieny mialoha satria avy any ivelany no nipoiran'io valan'aretina io; na ny antsointsika hoe: "cas importé".

Eo anatrehan'izay, nisy ireo malala-tànana efa manampy antsika, nalaina ny hopitaly teny Anosiala mba hametrahana sy hitsaboana ireo olona mitondra ny soritr'aretina avy tany ivelany. Raha ny eto amintsika aloha, olona mbola tsy marary no atao "test", fa any andafy kosa, olona efa marary no atao an'izany. Io fomba fiasa io no anisan'ny mampiavaka antsika hatreto amin'ny firenena hafa. Izay no antony mahatonga an'io "résultat" hitantsika amin'izao fotoana izao io. Izany hoe, arahi-maso aloha vao atao ny asa.

Araka ny voalazan'Andriamatoa Minisitra namana teo, ilaina ny manao fanentanana ny olona satria aretina tsy hita maso no iadiana, ka atao izay tsy hahatonga ny "intervention".
Efa niomana mialoha ihany isika mba hisorohana azy ity, natao noho izany ny "plan de contingence", ka vola mitentina "3,7 Millions de Dollars" no azo hanaovana "surveillance" ary avy eo, hiampy "13,7 Millions de Dollars" koa izany.

Manampy ny teny teo aloha, efa natao sy mbola atao ny fanentanana amin'ny haino aman-jery. Tsapa ankehitriny, fa Faritra telo no tratran'ity valan'aretina ity, ka aleo mba tsy hiparitaka intsony raha azo atao. Izany hoe hohamafisina ny fepetra horaisina araka ny voalazan'ny namana Minisitra teo.
Amin'izao fotoana izao, misy tranga iray ao Ambatovy, efa lasa nalaina any io olona io. Noho izany, aleo mitandrina; izay no atao hoe: "prevention" raha aminay mpitsabo.

Raha mikasika ny asa sahanina indray, tsy andraikitry ny Minisiteran'ny Fahasalamana ihany izy ity, fa an'ny Governemanta iray manontolo satria voakasika daholo ny Departemanta Minisiterialy.
Misy fiantraikany amin-javatra maro ity valan'aretina ity, araka ny voalaza teo aloha hatrany, toy ny lafiny ara-pahasalamana, ara-toekarena ary ara-tsosialy. Sahirana avokoa ny olona vokatr'izay satria miaritra zavatra maro. Noho izany, mila fanampiana ireo olona ireo ary tokony ho avy amintsika rehetra mihitsy no hanao izany. Koa ny asa volalohany ataonay amin'izao fiatrehana ity "coronavirus" ity izao dia ny fiarovana ny mpiasa ao aminay izay misahana mivantana ny fitsaboana ireo olona tratran'ity valan'aretina ity.

Mangataka torohevitra avy aminareo koa izahay, ampio izahay ary aoka hifanampy isika araka ny voalazan'ny Minisitra namana teo. Izany hoe, hifanome tànana manoloana ny zava-misy.

Mikasika ny fihaonana aminareo Solombavambahoaka, hatao isaky ny Alakamisy tolak'andro izany ao amin'ny asam-baomiera.
Mila fiaraha-miasa isika, indrindra amin'ny fametrahana ny olona na ny "ressources humaines". Izany no ilana fanampiana avy aminareo satria amin'izao fotoana izao, efa manana zavamaniry na "plante" ahafahana miaro tena isika. Zava-dehibe ho antsika ny fananana izany; ho antsika Malagasy aloha vao ho an'i Afrika.

Talohan'ny namaranan'Andriamatoa Minisitra ny teniny, nohamafisiny fa vonona ny handray ny Solombavambahoaka isaky ny Alakamisy tolak'andro ny tenany.

Fisaorana ny rehetra no nataony taorian'izay.

Naneho fisaorana an'Andriamatoa Minisitra, Ramatoa Filoha, sady nanome fitenenana an'Andriamatoa RANDRIAMANDRANTO Joel, Minisitry ny Fitaterana, ny Fizahan-tany sy ny Famantarana ny Toetr'andro

Fisaorana no natolotr'Andriamatoa Minisitra tamin'ny fanasana nataon'ny Solombavambahoaka momba ny toerany sy ny andraikiny amin'ny ady atao amin'ity "Covid-19" ity, mba hanaovana tatitra mikasika izany nandritra izay fotoana nisiany teto amintsika izay.

Voalohany, efa nofoanana ny sidina na ny "vol" mitondra mpizahatany avy any ivelany ho eto Madagasikara. Izany hoe, tsy misy mpizahatany tonga intsony eto amintsika raha ny marina.

Faharoa, mikasika ny ADEMA, anisan'ny orinasa sahirana tokoa izy amin'izao fotoana izao satria ny hetra avy amin'ny mpizahatany no tena nampihodina azy. Mitovy amin'ny rehetra, tojo fahasahiranana noho ity zava-misy ity koa izy.

Ho an'ny fitaterana ihany, sahirana tahaka izany koa ny "taxi brousse" manao zotra Nasionaly sy any amin'ny Faritra satria mampiasa olona an'arivony izy ireo kanefa mbola tsy afaka miasa aloha hatramin'izao. Zavatra anisan'ny hijerena vahaolana ihany koa ireo.

Momba ny fitaterana an-dranomasina araka ny fanamarihana azonay, ny "frêt" ihany no afaka mandeha satria amin'ny alalany no idiran'ny entana eto amintsika, fa ny sisan'izay tsy afaka miasa. Noho izany, sahirana koa ireo olona ireo.

Mikasika ny fizahan-tany, "zéro ressource" koa io sehatra io, ka misedra fahasahiranana ihany koa. Izany zavatra rehetra izany no tsy maintsy tantanana, koa hitantsika amin'izany ny zava-misy eto amintsika. Indroa isan-kerinandro izahay no mihaona amin'ireo mpandraharaha ireo mba hitadiavana vahaolana momba azy ireo.

Raha ny fiarovana efa natolotra azy ireo hamahana ny olana dia betsaka saingy noho ny toe-draharaha, tsy tonga izy ireo kanefa mitaky ny volany amin'ny Minisitera satria efa betsaka ny olona nandoa vola sy namandrika toerana tamin'izy ireo, kanefa noho ity tranga misy ity, tsy afaka mamerina izany ny mpandraharaha satria mikatso ny fandraharahana. Nanao fanelanelanana tamin'ireo banky ny Minisitera hamahana ny olana. Nitady marimaritra iraisana mba hahitana vahaolana araka ny voalaza teo kanefa ny volan'ny JIRAMA tsy maintsy aloa. Izany no antony ifanatonana amin'izy ireo sy ny mpiara-miasa aminy, hikatsahana izay hahasoa ny sehatra sahirana amin'izao andro izao.

Momba ny "taxi be" eto andrenivohitra: afaka miasa izy ireo saingy tsy maintsy ahena ny isan'ny mpandeha kanefa tsy nasondrotra ihany koa ny saran-dalana satria iaraha-mahalala ny zavatra iainana amin'izao fotoana izao. Efa ifampiresahana daholo izany hamahana ny olana.

Mikasika ny hoe inona no vahaolana mba tsy hampihidy ny orinasa: halefa ao amin'ny Filankevitry ny Governemanta ny momba izany, ka ho hita eo ihany koa. Efa eritreretina amin'izao fotoana izao ny "plan de relance"; efa misy tetikady hampandehanana ny "tourisme national" na ny fizahan-tany ato anatiny satria mety ho afaka iray taona any ho any vao hisokatra ny "tourisme international".

Raha fintinina, efa misy fifampiresahana amin'ireo sehatra maro voakasik'ity valan'aretina ity, indrindra amin'ireo mpandraharaha kanefa isika rehetra miaraka izao no afaka mamaha ny olana misy. Izany hoe, tokony hifanome tànana isika.

Teo ampamaranana ny teniny, nisaotra ny Solombavambahoaka, Andriamatoa Minisitra, tamin'ny faharetana nananan'izy ireo tamin'ny fanazavany.

Ramatoa Filoha kosa nisaotra ny Minisitra telo mirahalahy tonga namaly ny fanasana azy ireo manoloana ny ady atao amin'ity "covid-19" ity.

Taorian'izay, nomarihany fa miisa 60 ny Solombavambahoaka nangataka hiteny, araka ny taratasy tonga eny aminy, koa nanolo-kevitra izy amin'ny fe-potoana handraisana fitenenana.

Araka ny fomba fanao, amin'ny alalan'ny tsangan-tànana no hanapahana izany.

Nisy tamin'ireo olom-boafidy no nilaza fa hatao 5 minitra izany, tao no niteny hoe ferana ho 3 minitra; ny sasany nanambara fa hatao 2 minitra, satria mbola hamaly ireo Minisitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 12 no nilaza fa hatao 5 minitra ny fandraisam-pitenenana; 34 no nanaiky fa hatao 3 minitra ary Solombavambahoaka miisa 27 no nanambara fa hatao 2 minitra fe-potoana itenenana.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ho 3 minitra ny fe-potoana handraisana fitenenana.

Marihana fa ny anaran'ny Solombavambahoaka nifandimby niteny no hotanisaina mialoha, aorian'izay kosa, hofintinina eo ambany ny fanontaniana nisongadina napetrak'izy ireo. Mamarana azy ny valin-teny nomen'ireo Minisitra telo mirahalahy.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka nandray fitenenana tamin'ity fihaonana ity; Ramatoa sy Andriamatoa isany:
- RASOLONJATOVO Honoré
- RAKOTOMANJATO Rodin Edmond Georges
- MAMIHAJA Charlot
- RAHASIMANANA Paul Bert
- MAMANGY Norbert
- RABEMANANTSOA Herilala Jeannot
- RAKOTOSON Hubert
- RABEKIJANA Solofo Hery
- RABENARY Jean
- RAJAOBELINA Lova Herizo
- RATSIRAKA Iarovana Roland
- RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta
- RATSIMANDRIONA Aida Hardy
- TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or
- SATRA Augustin
- RATSIVAHINISOLO Andriniony
- RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
- RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
- RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
- HENRI Jean Michel
- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- RAKOTONIRINA Augustin
- RANDRIABOLAINA Gerry
- PEPIN MICHOU
- ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
- JOHASY RAHARISOA Eléonore
- FIAROVANA Lovanirina Celestin
- FERNAND Jeannot
- NASIRA Julien
- RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIMIALONA
- RAMBOASALAMA Emilien
- RAKOTONDRASOA Fetra
- REMI Dit DJAO Jean
- DARKHOUI Siritis
- MBELO NDRIAMANAMPY Jean Germain Odon
- FELICIEN Randrianantenaina
- ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy
- RAKOTONDRAVOAVY Andrianjafinjanakolona
- RAKOTONDRAZAFY José Alain
- RAKOTOMALALA Dina Taratriniaina
- RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène

- RAMENASON Rio Merci
- RANDRIANASOLO Augustin
- RANDRIANARIVELO Justin Abel
- RAKOTORAHALAHY Modeste
- RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Whary
- RAFIDIMANANA Narson
- MICHELLE Bavy Angelica
- RASOLOMANANA Beby Olivier
- ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jo
- RAKOTOARIMANANA Patrice
- CHRISTOPHE Tsiliva Didiot
- BAOFENO Micheline
- RAHERIARJAONA Régina Clarisse
- RAZAFINANDRASANA Raulan
- MAMIZARA Yasmirah Loeticia
- MANOLOSOA Felix
- FIENENA Richard Désiré
- RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
- RAHANTANIRINA Lalao

Toy izao ireo fanontaniana sy fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka nandritra ny fandraisany fitenenana.
Marihana fa natambatra izay fanontaniana sy sosokevitra mitovitovy hisorohana ny fiverimberenan'izany.

Maro tamin'ireo Solombavambahoaka nandray fitenenana no nankasitraka ny ezaka ataon'ny fitondrana amin'ny ady atao amin'ity valan'aretina "covid-19" ity.

Nisaotra ny Filohampirenena manokana tamin'ny fampanaovana fikarohana entina hitondra hery fiarovana hanoherana azy ity ny ankamaroan'ny Solombavambahoaka tamin'ny fandraisany fitenenana. Tsy nisy nanampo ny hitrangan'izao ny rehetra kanefa nandray andraikitra ny Filohampirenena sy ny Governemanta mba hiady amin'ity valan'aretina tsy hita maso ity.

Betsaka koa ny Solombavambahoaka nanamarika, fa tamin'ny nanombohan'ny nisian'ny valan'aretina ka hatramin'ny nahitana ity fiarovana ity, tsy mbola nisy maty teto amintsika. Koa isaorana ny fitondrana amin'ny ezaka ataony nahazoana izany vokatra izany, tsy tahaka ny tany ivelany izay nahitana faty olona maro.

Tsy vitsy koa ny Solombavambahoaka nanamarika, fa heno eran'i Madagasikara amin'ny alalan'ny haino aman-jery miara-manonja ny vaovao rehetra mikasika ity "coronavirus" ity na mbola tsy nanomboka aza izao fivorian'ny Antenimiera izao. Diso ny filazana hoe tsy mety ny ady atao amin'ny "coronavirus" satria tsapanay, fa mahomby ny paikady ataonareo mpitondra hatramin'izao.

Miasa mafy tokoa ianareo, midera antsika ny firenena Afrikana, isaorana ny manam-pahaizantsika amin'izany ezaka iarahanareo izany kanefa misy ny tsy mety kely amin'ny fomba fiasa satria raha marary ny hafa, marary koa izahay Solombavambahoaka. Izany hoe, omeo fitaovana izahay hanohizana ny ezaka efa natao sy mbola hatao.

Inona avy no fanampiana tokony hataon'ny Governemanta, fa mijaly ny olona noho ity "coronavirus" ity. Tsy ampy ny "test" atao, maninona raha atao "test massif" na faobe ny fanaovana izany raha mety mba hahalalana ny tena marina.

Inona no fepetra ahafahana manao TDR, maro ny Solombavambahoaka nangataka izany kanefa sarotra ny hanaovana izany any amin'ny Distrika rehetra; ao ny toerana sasany, tsy maintsy miady mafy vao nanaovana an'io fizahana io, kanefa ny fanatanterahana izany no ahalalana ny tena zava-misy marina momba ity "coronavirus" ity.

Maninona raha antsoina ny Praiminisitra hanao fivoriana "huis clos"; ao anatin'izay no mety hahitana ny andraikitra horaisin'ny Solombavambahoaka manoloana ny ady atao amin'ity valan'aretina ity.

Efa nakatona marina ve ny sisin-tanintsika satria raha tahaka ny ao "Comores", misy olona miditra antsokosoko eto amintsika kanefa heno, fa nisy olona betsaka maty tany aminy.

Misy Faritra, mbola milamina ny fanentanana amin'ny ady atao amin'io "coronavirus" io eto amintsika, tokony hampiana dieny izao izy ireny satria ho sahirana raha sanatria tafiditra any io zavatra io noho ny tsy fahampian'ny fitaovana ananantsika. Ohatra azo raisina amin'izany ny Faritra SAVA.

Nisy Solombavambahoaka nanamarika kosa, tahaka ny tao Moramanga, nahitana "cas confirmé" iray; efa notsaboina io olona io ary nalaina tany an-toerana. Miisa 76 ny "prélèvements" natao tany ka nampiakarina teto Antananarivo izany. Niangavy ny hakana ireo olona ireo ho eto andrenivohitra koa ny Solombavambahoaka satria tsy ampy ny fitaovana any amin-dry zareo. Raha mitohy izao, ho lasa "zone rouge" ity Distrika ity na eo aza ny fandraisanay andraikitra hisorohana ny valan'aretina.

Azonareo hazavaina ve ny zava-nisy marina tao amin'ny "Institut Pasteur de Madagascar" mikasika an'iny isa navoakany iny satria lasa manimba ny sain'ny olona ny tsy fahalalana ny vaovao tena izy.

Ahoana marina ny momba ny CVO; iza no manao azy, iza avy ny olona afaka misotro azy ary raha mety, maninona raha atao amin'ny tavoahangy, fa tsy vovony no omena anay Solombavambahoaka.
Azon'ny olona "diabétique" sotroina ve sa tsia izy io. Inona no mety ho fiantraikany raha eny. Mbola tsy ampy ihany koa ny fampahafantarana momba an'io CVO io, toy ny tsirony; tsy misy daty amin'ny tavoahangy; iza no mahazo azy. Azonareo hazavaina ve izay mba hampahafantaranay ny vahoaka any aminay ny mikasika azy ity koa.

Firy taona no atao hoe olon-dehibe sy ankizy rehefa hisotro azy io. Firy volana no afaka miaro ny olona ny CVO vokarintsika; ho an'ny Minisitry ny Fahasalamana no niantefan'izany.

Tokony homena aloha ny vahoaka eto an-toerana vao omena ny olona any andafy. Ahoana koa ny momba ireo mpianatra hanao fanadinam-panjakana, toy ny kilasy famaranana, ny kilasy fahatelo sy ny fahadimy; inona no fepetra horaisina mikasika azy ireo amin'ny fampiasana ny CVO. Efa nanao andrana na "sondage" amin'ny toromarika haneken'ny Raimandrenin'ny mpianatra amin'ny hisotroana an'io CVO io ve ny Governemanta sa tsia.

Ny Solombavambahoaka MICHELLE Bavy Angelica avy any Fénerive-Est kosa nanambara, fa nisy olona sitrana tamin'ny aretina "covid-19" tany amin'ny Distrika misy azy ary nijoro ho vavolombelona mihitsy izany olona izany.

Nisy koa Solombavambahoaka nanamarika, fa tokony hiteny ny Minisitry ny Fahasalamana sao ho lasan'ny olona hafa ny toerany raha izao no mitohy satria toa tsy hita manazava eny amin'ny haino amn-jery ny tenany.

Menatra ny Solombavambahoaka manoloana ny zava-misy, ka tokony homena vola hiasany ny olona satria fantatra fa nahazo fanampiana volabe isika.
Ahoana ny fizarana ny vola 100 000 Ariary omen'ny fanjakana ary tokony samy hisitraka izany ny toerana maro, fa tsy eto Antananarivo sy ny akaiky ihany. Mila jerena ny Faritra lavitra sady hamoraina ny fahazoan'ny olona sahirana sy marefo izany vola sy fanampiana izany.

Inona no tena andrasanareo aminay Solombavambahoaka satria hatreto tsy nisy fiantsoana anay; antsoinay ianareo toa tsy misy mamaly akory. Tsarovy fa izahay no itarainan'ny vahoaka amin'izao fisian'ny "coronavirus" izao. Izahay no mitady vahaolana amin'izay azonay atao. Raha izao no jerena, tena ataonareo ankilabao sy tsy raharahianareo izahay Solombavambahoaka manoloana ity areti-mandoza ity.
Tsy mety ny zavatra toy izany, tsy omenareo hasina ny Solombavambahoaka raha izao no izy. Rehefa misy Minisitra manao fitsidihana any amin'ny toerana misy anay; maninona no tsy antsoina sy tsy ampitenenina izahay Solombavambahoaka izay solotenan'ny vahoaka mivantana.

Tsy tokony hasiana loko politika ny ady atao amin'ity valan'aretina ity. Maninona no tsy nampidirina ho mpikambana ao amin'ny CCO ny Solombavambahoaka. Midika ho tsy firaharahiana anay izay zavatra izay kanefa mba manao ny ezaka tandrify anay ihany izahay hiadiana amin'ity areti-mandoza ity.

Maninona rehefa misy fanampiana omena ny Distrika misy anay Solombavambahoaka; tsy fantatray hoe misy an'izany raha tsy miantso anay ny olona mitondra azy, amin'izay tsy araka ny anampoizana azy akory ny fanampiana omena. Izany hoe, raha mahazo dia kely kanefa ny olona mila izany marobe mihitsy.

Saika nitovizan'ny Solombavambahoaka rehetra nandray fitenenanana izay fanamarihana izay.

Tsy vitan'izay, fa mamely koa ny tazomoka izay mahafaty olona maro eto amintsika. Maro ny Distrika ahitana izany, ka mila fitsaboana ny vahoaka. Tsy misy ny fanafody hiadiana amin'izany hatramin'izao raha ny fahenoanay azy, sao variana amin'ny ady atao amin'ny "covid-19" fotsiny isika, fa tsy mahalala ny fisian'izany.

Mirongatra koa ny "drépanocytose". Raiso ny andraikitra; inona no tsy andraisana mpitsabo hanampy ireo efa misy; ny antony, tsapa fa tsy ampy ny isan'izy ireo indrindra any amin'ny CSB.

Aiza ho aiza ny fizarana "cache bouche", ny fizarana sakafo, toy ny vatsy tsinjo, tosika fameno, sy ny sisa; fa tena maro ny Distrika mbola tsy nahazo an'ireo na nisy aza Solombavamabahoaka afaka nanao izany. Koa manentana ny Governemanta hanome ny vahoaka isaky ny Distrika amin'ireo lafiny voalaza ireo izahay Solombavambahoaka.

Misy ny "barrage sanitaire" atao amin'izao fotoana izao hisakanana ny fihanak'ity valan'aretina ity. Araka ny voalaza, izahay no akaiky ny vahoaka; sahirana ny Solombavambahoaka manoloana izany. Izahay no miantoka ny zavatra ilain'ny miaramila sy ny mpiasan'ny fahasalamana rehefa lany ny tohana nomena azy ireo. Maninona raha ny faritra mena ihany no tokony hasiana "barrage sanitaire" sy hanaovana ny fihibohana, fa mijaly ny olona izay tokony mbola afaka mivelona ara-dalàna.
Tsy tonga ny fanampiana kanefa ny olona sakanana tsy hiasa; miantraika amin'ny fivelomany izay toe-javatra izay.

Misy fiantraikany amin'ny fitaterana koa izany "barrage sanitaire" izany satria misondrotra be loatra ny saran-dalana na any amin'ny toerana tsy ahitana ity valan'aretina ity na amin'ny toerana ahiana hisy izany.
Mila jerena koa izay, fa efa mijaly ny olona.

Inona no antony tsy anokanana tetibola ho an'ny "barrage sanitaire" mba hialana amin'ny fahasahiranan'ny olona miasa amin'ireny toerana ireny sy ny fahasahiranan'ny Solombavamabahoaka sady amin'izay ho tsara ny vokatra azo amin'ny fanaovana izany.

Hazavao tsara ihany koa ireo toerana tena anaovana "confinement", fa sahirana ny vahoaka rehefa maheno hoe faritra atsy na aroa, matahotra ka tsy afaka manao ny asa fivelomany.

Raha ho an'ny fitaterana indray, nisy Solombavambahoaka nanao fanamarihana koa, fa misy tantsambo miisa 715 tavela ao Toamasina, ny namany efa lasa nody daholo; tsy fotoana ifanomezan-tsiny izao, fa fiaraha-miasa no tokony hatao. Ahoana ny fomba hampodiana azy ireo any aminy.

Misy "58 cas" koa ao Toamasina, ka aleo asiana fanaraha-maso ny asa atao, fa tsy mety raha tahaka izao; lasa mivangongo eto ny fiara tokony hiasana amin'ny ady atao amin'ity valan'retina ity. Efa tsy mahazo mivezivezy intsony ny olona, araka ny voalaza teo hoe mijaly. Mila vahaolana izany zavatra izany.
Ho an'ny toerana tsy mbola nahitana "cas confirmé", tsy avela mifamezivezy ny olona kanefa tsy mahazo fanampiana ihany koa.

Maninona raha atao amin'ny 6 ora, hariva, vao sakanana ny olona amin'izay afaka mitady vola hampidinana izao fahasahiranana mahazo azy izao.

Ahoana no ahazoana "vol spécial" ho an'ny Faritra iray satria maro ny mpandraharaha no tavela any; inona no tsy anomezana "autorisation" ho azy ireo mba ahafahany miverina eto.

Tokony homena "terrain d'aviation" koa ny Distrika lavitra amin'ity ady atao ity satria hanampy amin'ny fitaterana mba ho fiarovana amin'ny "coronavirus" sy ny fanafody amin'ny tazomoka, anisan'izany ny Distrikan'i Midongy Atsimo. Rehefa mivaha ny olana mikasika ity valan'aretina ity, tokony tsy hadino ny fisokafan'ny "vol" na ny sidina ho an'ny Distrika rehetra.

Nisy Solombavambahoaka nanamarika, fa toa hadino ny maha Distrika azy ireo, toy ny tao Midongy Atsimo; na amin'ny aretina izany na amin'ny fitsinjaram-pahefana. Mila jerena ny tranga tahaka ny anay hoy izy.

Ahoana ny fandoavana "frais de magasinage" satria lasa isan'andro no andoavana azy kanefa ny vola tsy misy. Tahaka izany koa famoahan'ny mpandraharaha entana ao Toamasina.

Tokony hojerena ny "subvention" omena ny Kaominina sy ny CLD 2019 satria raha tsy tonga any amin'ny Distrika ny vatsy, sahirana ny vahoaka araka ny voalaza teo aloha ireo. Tena mitaky ny hanomezana izany izahay mbola tsy nahazo an'io vola io.

Marina fa misy ny ezaka ataon'ny mpitondra kanefa lasa tompon-trano mihono ny vahoaka. Eo anatrehan'izay, vonona ny hifanome tànana aminareo Mpanatanteraka izahay satria tsapa fa misy zavatra tsy mety amin'ny fomba fiasa. Tokony harenina izay fomba fiasa izay. Raha mety dia ampio adiny iray ny fahazoana mivoaka, fa tsy afaka mitady vola hivelomany ny olona.

Nisy Solombavambahoaka nitondra fanankianana amin'ny tsy mahamety ny fizarana ny vatsy tsinjo sy ny tosika fameno. Tsapa fa misy ny olona tomponandraikitra manodinkodina ireo fanampiana avy amin'ny Filohampirenena ireo, ka lasa tsy tonga any amin'ny olona tokony hiantefany izany. Ohatra, misy Fokontany efa intelo mahazo, ny sasany tsy mahazo na indray mandeha aza. Ny hafa koa, ao amin'ny tokatrano iray, misy olona dimy samy mahazo 100 000 Ariary avy. Maninona raha atao ny fifidianana ny Filoham-pokontany hialana amin'izany.

Tao indray no nitondra fanamarihana, fa hadino ny resaka asan-dahalo amin'izao fahamehana ara-pahasalamana izao. Tena lasa manjaka izany ka mila jerena akaiky; tahaka izay koa ny aretina pesta izay nahafaty olona miisa 253. Inona no vahaolana aroso amin'izany, sao dia variana amin'ity "covid-19" ity isika, ka aretina hafa indray no hamono antsika.

Momba ny resa-bola fanampiana azon'ny fanjakana, nisy Solombavambahoaka nanontany hoe ohatrinona izany. Nisy vola mitentina "444 Millions de Dollars"; amin'ireo vola ireo, hisy ampahany hanaovana "équilibre budgétaire", nisy koa "18 Millions de Dollars" avy tamin'ny PAM; "100 Millions de Dollars" avy tamin'ny "Banque Mondiale".

Aiza ho aiza ny fampiasana ireo vola ireo. Mila fanazavana momba izany izahay, mba hampahafantarinay ny vahoaka ny zavatra tena marina.
Ankoatran'izay, mbola nomena vola koa ny BNGRC izay mitentina "35 Millions de Dollars", mbola ho avy ny an'ny BAD, eo amin'ny "64 Millions de Dollars" hatao "appui budgétaire". Eo anatrehan'ireo vola ireo, inona marina no miseho amin'ity ady atao amin'ny "coronavirus" ity.

Misy nosy any amin'ny faritra avaratra, antsoina hoe nosy Iranja; tsy misakafo ny olona any ka mila jerena haingana sao ho maty noana ao.

Tokony hojerena ny mikasika ny resaka serasera satria lasa tezitra ny olona noho ny tsy fahazavan'izay lafiny izay. Atahorana sao hitroatra ny vahoaka, ka hanahirana amin'izao andro sarotra izao.

Nisy Solombavambahoaka nanamafy, fa na tsy nantsoina hiditra amin'ireo rafitra misy any amin'ny Distrika aza izy dia nanao amboletra mihitsy niditra tamin'izany, mba hahalalan'ny vahoakany ny tena zava-misy marina momba ity valan'aretina ity. Nanentana ny namany mba hanao tahaka ny nataony ny tenany taorian'izay.

Nitaky ny hamoahana ny tarehimarika tena izy ny Solombavambahoaka sasany, mba ahafahana manao tetipivoarana na "planification" amin'ny zavatra ho avy ary tokony hisy fanehoana voalanja na "bilan" havoakan'ny Governemanta na ara-bola izany na amin'ny "statistique". Eo anatrehan'izay, misaotra anareo sahady fa hanao izany ianareo raha ny fahalalanay azy.

Teny anelanelan'ny fandraisam-pitenenana, nisy Solombavambahoaka nanamarika tamin'ireo namany, fa aleo resaka momba ny ady atao amin'ity valan'aretina ity no tenenina, fa tsy ireo olana hafa tsy mifandraika amin'ny "coronavirus" satria mety mbola ho avy eto ny mpikambana ao amin'ny Governemanta afaka ilazana izany araka ny fandaharam-potoana efa nolaniantsika Antenimierampirenena.

Maro ireo Solombavambahoaka nanamarika, fa tokony hifanome tànana ny rehetra amin'ny ady atao amin'ity "covid-19" ity satria tsy resaka politika no jerena, fa ny fanasoavana ny firenena sy ny fahasalamana ho an'ny vahoaka Malagasy. Tsy fotoana fifanomezan-tsiny izao, fa fotoana fifanampiana handresena an'io valan'aretina io; kanefa tsy tokony hatao ankilabao ny Solombavambahoaka satria izy ireo no tena akaikin'ny vahoaka any amin'ny Distrika misy azy.

Raha fintininina ny fandraisam-pitenenana nataon'ny Solombavambahoaka, tsy nisy ny matin'ity "coronvirus" ity hatreto teto amintsika raha mitaha amin'ny firenena izay azo lazaina fa matanjaka, toy tany Etazonia, Italia, Frantsa, sns...

Maro ny Solombavambahoaka nilaza, fa mbola tsy nahazo ny CVO izay fiarovana amin'ity valan'aretina ity raha ny Disitrika misy azy ireo no tenenina. Marihana, fa tsy mbola vakisiny io tambavy io, fa fanampiana hery fiarovana ihany.

Tokony hatsaraina ny fomba fiasa na maro aza ny ezaka ataonareo Mpanatanteraka amin'izao fotoana izao. Mampirisika anareo amin'ny hanohizana izany izahay.

Fisaorana ny fitondrana ihany koa tamin'ny nahitana vahaolana hiarovana ny vahoaka, eny na tsy mbola mahenika an'i Madagasikara aza izany.
Ny Filohampirenena no tena niantefan'ny fisaorana voalohany miaraka amin'ny Governemanta sy ireo mpiantsehatra mivantana amin'ny ady atao, toy ny mpitsabo sy ny mpitandrofilaminana manao ny "barrage sanitaire".

Nisongadina tamin'ny fandraisana fitenenana nataonan'ny Solombavambahoaka koa ny fangatahana fihaonana amin'ny Minisitry ny Fahasalamana rehefa Alakamisy tolak'andro mba ahafahana milaza ny tena olana misy any amin'ny Distrika misy azy ireo sy ahazoana mifanakalo hevitra amin'ity valan'aretina ity.

Rehefa tapitra ny fametraham-panontaniana sy sosokevitra avy tamin'ireo Solombavambahoaka, nisaotra azy ireo tamin'izany Ramatoa Filoha ary nanome fitenenana ny Minisitra.

Nisantatra ny fitenenana, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ka toy izao izany:
Mankasitraka tamin'ny sosokevitra sy fanankianana mba entina hanatsarana ny fomba fiasa sy ny fiaraha-miasa mbola hatao ary amin'ny fifanomezan-tànana hatao amin'ity ady ity.

Maro ny fanontaniana efa voavaly tamin'ny fandraisam-pitenenana teny aloha, misy koa anefa no mbola tsy voavaly.

Misy nilaza teo, fa tsy miteny ny Minisitry ny Fahasalamana; tsia, tsy marina izany. Iray ihany ny teny entin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta. Ohatra, raha nandeha tany Besalampy, izy no nisolotena anay, izy no nitafa tamin'ny olona, fa tsy misy hoe sakanana tsy hiteny izany ny mpikambana sasany ato amin'ny Governemanta. Tsia, tsy marina izany averinay hatrany. Mpiara-mitantana ny CCO koa izahay hatramin'ny nisian'ity "covid-19" ity.

Manontany ianareo hoe: inona no andrakitray Solombavambahoaka amin'ny ady atao amin'ity "coronavirus" ity. Tena misy mihitsy ny andraikitrareo satria mifanome tànana isika ary mpikambana feno amin'ireny rafitra misy any aminareo ireny ianareo, fa tsy tokony hailika izany. Azonareo antsoina izahay raha misy manao izany fihetsika izany aminareo.

Raha mikasika ny OMC indray, efa novelarina io rafitra io amin'izao fotoanan'ny fahamehana izao. Marihana fa tsy eto amintsika ihany no mirongatra ny "insécurité", fa saika maneran-tany vokatr'ity valan'aretina ity. Noho izany, "membres de plein droit" ianareo amin'ny rafitra misy satria ianareo no akaikin'ny vahoaka araka ny voalaza teo. Anjaranareo no manara-maso ary manitsy ny fomba fiasa raha misy tsy mety.

Momba ny "autorisation spéciale" indray, tsy mila mangataka izany ny Solombavambahoaka. Tsy azo sakanana ianareo satria handeha hamonjy ny asanareo, sady misy sainam-pirenena ny fiaranareo, manana karatra koa ianareo. Efa nampitaina omaly ny mikasika izay zavatra izay, ka tsy iverenana intsony.

Amin'ny hoe efa elaela no tsy niteny; marina izany satria miasa andro aman'alina izahay hiadiana amin'izao valan'aretina izao.

Ho an'i Toamasina I sy Toamasina II, Faritra Matsiatra Ambony, Faritra Analamanga ary ny Faritra Alaotra-Mangoro, foana ny fivezivezena satria misy olona mandositra, miditra antsokosoko amin'ireo toerana ireo, ka lasa manaparitaka ny valan'aretina. Raha ny marina, tsy voahaja ny fepetra ara-pahasalamana napetratsika. Eo anatrehan'izay, samy tomponandraikitra isika rehetra eto izao. Izany hoe, araka ny voalaza teo aloha; tokony hifanome tànana daholo.

Mikasika ny fanomezana sy ny fanampiana, miankina amin'ny enti-manana izany ary misy ny fandaminana atao. Marihana ao anatin'izay, fa tsy hisy Distrika hadino izany.
Raha ny marina, maro ny Minisitra tamin'ity toerana sahaniko ity, fa tsy mbola nisy Minisitra nahavita fitsidiham-paritra betsaka tahaka ahy. Tsy mitaraina tàna-miepaka amin'izany anefa isika ary tadidio, fa ny ezaka ataontsika no mahatonga ny toe-javatra misy antsika amin'izao fotoana izao. Tsy azo afenina ny zava-misy amin'izao raha ny fahitantsika azy.
Araka ny voalaza teo, ianareo no akaikin'ny vahoaka, aoka hifanome tànana araka ny efa voalaza, mba hahitana ny zavatra hoentinareo any amin'ny Distrika misy anareo. Ho hita eo ny momba izay.

Momba ny fiarovana ny sisin-tany: maro ny "cas de conoravirus" ao "Comores", efa nisy miaramila nalefa hiambina ny sisin-tanintsika, mba hialana amin'ny fandosirana atỳ amintsika. Midera ny fandraisanareo andraikitra izahay. Aleo hitohy izany ary marihana, fa mbola voafehy ny sisin-tanitsika hatramin'izao isika miteny izao.

Teo ampamaranana ny teniny, nankasitraka ny fihaonana, Andriamatoa Minisitra, sady nanamarika fa nahitana hevitra maro ny fifandinihana ary nambarany, fa mbola hitohy amin'ny Alakamisy koa izao fiarahana amin'ny Solombavambahoaka izao.

Nambarany ihany koa, fa tokony tsy hifanome tsiny noho ny andraikitra maro sahanina momba izao valan'aretina izao.

Fisaorana ny rehetra no nataony taorian'izay naharitra nihaino azy.

Nankasitraka an'Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Minisitry ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana, Ramatoa Filoha, sady nisaotra azy tamin'ny nanamafisany ny anjaran-toeran'ny Solombavambahoaka amin'ny fidirana amin'ny rafitra, toy ny CRCO any amin'ny Distrika nahalany azy ireo.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, an'Andriamatoa AHMAD Ahmad, Minisitry ny Fahasalam-bahoaka indray ny fitenenana hamaliany ireo fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka taminy ary somary hataony fohy ny fandraisam-pitenenana, hoy izy.

Raha bangoina, hoy Andriamatoa Minisitra, telo no fanamarihana azony mikasika ny ady atao amin'ity "coronavirus" ity araka ny teny nataon'ny Solombavambahoaka teo.

Manarak'izay, maro koa no nitaraina amin'ny firongatry ny tazomoka ka nanamarika, fa tsy tokony hovariana amin'ny ady amin'ny "coronavirus" ihany isika satria anisan'ny miteraka fahafatesana koa io aretina io.
Tohizana hatrany ny ady atao amin'izany ary efa nisy paikady manokana natao tamin'ny Distrika miisa 9 eto amintsika.
Marihana fa maimaimpoana ny fitsaboana ny tazomoka izay mamely amin'izao fotoana isian'ny "coronavirus" izao.

Mikasika ny tsy fahampian'ny olona miasa any amin'ireo CSB, hojerena izany, toy ny fandraisana mpiasa hanampy ireo efa misy araka ny fitarainana natoanareo teo.

Momba ny fiarovana ny vahoaka amin'ny resaka "coronavirus" dia hampitomboina izany raha mitaha amin'izao fotoana itenenantsika izao.

Naveriny nomarihana indray, araka ny tenin'ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjarampahefana teo, fa ny Solombavambahoaka no akaikin'ny vahoaka koa tsara ny nahenoana ny sosokevitra rehetra natolotrareo teo mba hanatsarana ny fomba fiasa.

Nisaorany manokana koa ny mpiara-miasa aminy izay tsy matory andro aman'alina noho ny fiatrehana ity valan'aretina "coronavirus" ity hatramin'izay.

Nambarany ihany koa, fa misokatra ho an'ny Solombavambahoaka ny varavaran'ny Minisitera iandraiketany, mba hisian'ny fiaraha-miasa sy ny fampahafantarana ny zava-misy any aminy.

Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny nisian'izao fihaonana izao no namaranany ny teniny.

Fisaorana koa no nasetrin-dRamatoa Filoha izany ary enga anie hitohy hatrany ny fiarahamiasa amin'ny Antenimierampirenena sy ny Governemanta, hoy izy.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, an'Andriamatoa RANDRIAMANDRANTO Joël, Minisitry ny Fitaterana, ny Fizahantany ary ny Famantarana ny Toetr'andro, ny fitenenana.

Nisaotra ny Solombavambahoaka tamin'ireo fanontaniana napetrany no nanombohany ny teniny.

Mikasika ny fanampiana na "subvention" tokony homena ny mpitatitra amin'ireo fiara tsy afaka miasa: efa jerena ny fomba hanampiana azy ireo amin'izao fotoana izao. Nomarihany, fa tsy ho an'ny mpitatitra irery, fa maro ny sehatra tokony homena fanampiana tahaka azy ireo.

Momba ny fivezivezena, efa voalaza teo fa tsy azo atao kanefa mbola misy ihany mandika izany ankoatra ny fiara mitondra razana sy ny fiara lehibe mitondra entana.

Voalaza teo fa miakatra loatra ny saran-dalana amin'ny "taxibrousse": araka ny nambara, ireo olona any amin'ny Faritra ihany no nahazo nody. Fiara miisa 2 000 mahery no nanao ny fitaterana tamin'izany ary olona 40 000 no nivoaka teto Antananarivo.

Raha ho an'ireo olona tavela any ivelany izay manam-paniriana hody eto amintsika, eo ampijerena ny fomba hampodiana azy isika amin'izao fotoana izao.
Marihana fa mbola maro izy ireo amintsika miteny izao.

Ho an'ireo sidina manokana na "vol spécial": ireo no afaka miditra eto amintsika, toy ny fitondrana entana na ny fanaovana "évacuation sanitaire", fa ny olona kosa tsy mahazo mandeha mihitsy. Efa "Cargo" miisa 36 no nomentsika alalana niditra teto hatramin'izay; azo omena izany izy ireo rehefa manaraka ny fepetra apetraka mba hisorohana ny fihanaky ny valan'aretina.

Mikasika ny seranam-piaramanidina any Midongy Atsimo, hojerena amin'ny fotoana mampety azy izay, saingy hofantarina ny olona hitantana azy na ny ADEMA na ny ACM (Aviation Civile de Madagascar).

Momba ny mpijinja vary avy any Vakinankaratra, efa voavaha ny olana rehefa nisy ny fifampiresahana mikasika ny fitaterana azy ireo nankany amin'ny Faritra Alaotra-Mangoro.

Ho an'ny "gel" nomena ireo "taxibe": efa nifampiresaka ihany koa, fa 10 ka hatramin'ny 15 andro iasany dia ny "Association FITIA" no miantoka izany, aorian'izay; ny mpitatitra no miantoka mba tsy hisian'ny fiparitahan'ny valan'aretina.

Raha ho an'ireo fiara mpitatitra ihany: efa nisy fandeferana natao tamin'ny tompon'ny fiara mikasika ny "visite technique" sy ny "licence" entin'izy ireo miasa. Mino izahay fa mba nahafapo azy ireo ny fanaovana izany.

Momba ny zavatra mahazo ny vahoaka ao amin'ny nosy Iranja, hojerena ny amin'izay satria mampalahelo raha izany no zava-misy. Hatao izay hanaterana sakafo any amin'io nosy io.

Mikasika ny "frais de magasinage" hoe mihalafo sady mihitsoka ao ny fiara: azo avoaka ao amin'ny «port» izany raha misy olona mpiara-miasa amin'ny tompony any an-toerana. Hojerena ihany koa ny amin'izay.

Ho an'ny olona mila "évacuation sanitaire", tsy maintsy mandalo ao amin'ny CCO aloha izany vao azo alefa ary ny ampitson'iny dia mivaly ny fangatahana, fa nisy nilaza teo hoe: telo andro vao mivaly, tranga hafa indray ny amin'izay, fa amin'ny ankapobeny ny ampitson'iny araka ny voalaza teo dia mivaly izany.

Any Maroantsetra, raha tsy ampy 30 ny isan'ny olona, tsy afaka miainga ny firamanidina kanefa hojerena izay, ka ho hita eo amin'ny alalan'ny fifampiresahana.

Momba ny "Canal des Pangalanes", efa misy fanaraha-maso atao mikasika azy io ary nisy fifanarahana natao, ka tsy afaka miala ao ireo olona ireo raha vita ny 1 metatra nifampiresahana tamin'io fifanarahana natao io.

Teo ampamaranana ny teniny, Andriamatoa Minisitra dia nanome toky amin'ny fiaraha-miasa, toy ny namany teo aloha, sady nisaotra ny Solombavambahoaka ihany koa tamin'ireo fanamarihana sy fanontaniana napetrany.

Fisaorana tamin'ny valin-teny nomen'ireo Minisitra telo mirahalahy no nataon-dRamatoa Filoha, taorian'izay sady nisaotra tamin'ny toky nomena amin'ny fiaraha-miasa ihany koa izy.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, fa rahampitso Alarobia 13 Mey 2020 amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivoriambe eto amin'ny CCI Ivato hatrany ary aorian'izay, amin'ny 12 ora, atoandro, ny tatitra hatao amin'ny Solombavambahoaka avy tamin'Andriamatoa Praiminisitra sy ny Minisitra sasany mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Niato tamin'ny 8 ora sy 10 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

**NY FILOHA**

ASSEMBLEE NATIONALE
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**